# “Izay miahy sy manampy ny vehivavy mananotena (maty vady) sy ny mahantra dia toy ny miady amin'ny làlan'Allah, na koa tahaka ny mitsangana mivavaka amin’ny alina na mifehy amin’ny atoandro.”

Tatitra azo avy amin'i Abou Horaira (R.A) : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Izay miahy sy manampy ny vehivavy mananotena (maty vady) sy ny mahantra dia toy ny miady amin'ny làlan'Allah, na koa tahaka ny mitsangana mivavaka amin’ny alina na mifehy amin’ny atoandro.”
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Milaza etoana ny Mpaminany (S.A.W), fa izay mijery ny mahasoa ny vehivavy maty vady, izay tsy manana olona mpikarakara azy, sy ny mahantra izay tena sahirana, ka mamoaka vola ho fanampiana azy ireo, nataony izany rehetra izany mba hahazoany valisoa avy amin'Allah, ny valisoa azony dia tahaka ny azon'ny olona miady amin'ny làlan'Allah, na mivavaka amin'ny alina tsy reraka mihitsy, na koa mifehy tsy manapaka ny fifehezany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee